REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 08 febroary – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FAMPITANA AM-BAVA

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisana anjaran'i Madagasikara amin'ny fihaonana an-tampon'ny Filoham-panjakana sy lehibena governemanta avy amin'ireo firenena mpikambana ao anatin'ny Vondrona Afrikana ny 18 sy 19 Febroary 2023 ho avy izao.**

Fivoriambe ara-potoana andiany faha-36 izay hotontosaina any Addis-Abeba Ethiopie ka ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA no hitarika ny delegasiona malagasy. Ny fihaonana an-tampony dia hialohavan'ny fivoriana ara-potoana andiany faha-42 ho an'ny Filan-kevitra mpanatanteraka ao anatin'ny Vondrona Afrikana, ny 16 sy 17 Febroary 2023. Fanafainganana ny fametrahana ny « Zone de libre échange continentale africaine na ZLECAF » no lohahevitra nosafidiana amin'ity taona ity.

### MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisan'ny Fanjakana Malagasy an-tanana ny hetra sy ny haban-tseranana amin'ny fanafarana entana avy any ivelany, mikasika ny fampidirana akanjo sy boky, izay fanomezana ho an'ny fianakaviana misitraka ny fandaharanasa « titre vert » any Agnarafaly.**

Ny Fikambanana « Miray hina » izay miara-miasa amin'ny Fikambanana « Les enfants de Ban Thabok" any Bourges, France izay misehatra amin'ny fanampiana ireo fianakaviana sahirana noho ny kere any atsimon'ny Nosy, no nanolotra ny fanomezana.

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hanomezana alalana manokana** ny « Ivotoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara » hanendry ny « ordonnateur suppléant » hisahana ny fandoavana ny karama sy ny tambin-karaman'ny mpiasa.

### MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry Minisitra ny fanavaozana ny fahazoan-dalana hanafatra « lubrifiants » ho an'ny orinasa TotalEnergies.**

Raha tsiahivina dia ny didim-pitondrana lf :11745-2018 tamin'ny 11 May 2018 no nanomezana ny fahazoan-dalana teo aloha. Tapitra amin'ny 1 marsa 2023 ho avy izao izany fahazoan-dalana izany ka izay no antony hanaovana ny fanavaozana.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA SY NY FANAVAOZANA HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA ARY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny famerana ny sarany farany ambony (prix maxima) azo ampiharina amin'ny fifandraisan-davitra « backbone national ».**

Izany dia mifanaraka amin'ny didim-panjakana 2014-1652 tamin'ny 21Oktobra 2014 ao amin'ny andininy faha-4 izay manome alalana ny Fanjakana Malagasy hametra izany sarany farany ambony izany isan-taona.

## II- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-874 tamin'ny 01 septambra 2021 ary manendry an-**dRamatoa RANOSY Eliane** ho Tale Jeneraly miandraikitra ireo Toeram-pampianarana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-606 tamin'ny 21 aprily 2021 ary manendry an-**dRamatoa ISMAEL Mbotimina Sophie**, ho Talen'ny « Office National de la Prévention des Accidents Scolaires de Madagascar » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2018-406 tamin'ny 02 may 2018 ary manendry an'**Andriamatoa RANAIVOSON Ndremanalina Sergy** ho Talen'ny « Ecole de Formation de Technicien Agricole » (EFTA) ao Ambatombe, eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.

**SEKRETERAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2021-940 tamin'ny 15 septambra 2021 ary manendry ny **Kolonely RANDRIANARIMASY Radosoa** ho « Commandant de la Circonscription de la Gendarmerie nationale d'Antananarivo ».

**Natao ny 08 febroary 2023**

Ny Mpitondra Tenin'ny Governemanta
Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina
**Lalatiana Rakotondrazafy ANDRIATONGARIVO**

Ny Mpitondra Tenin'ny Filoham-pirenena,
Talen'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe
Fiadidiana ny Repoblika
**Lova Hasinirina RANOROMARO**